



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fahafahana - Tanindrazana - Fivorianana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-81.2

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA FANINDROANY MIKASIKA
NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-009/2020 TAMIN'NY 13 JONA 2020 MOMBA
NY TETIBOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA, TAONA 2020

Fivoriana faha-27
Natao ny
Alakamisy 2 Jolay 2020
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany:

- RASOLONJATOVO Honoré
- RABENIRINA Maminiana Solondraibe

FOTOANA: Alakamisy 2 Jolay 2020 tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 tamin'ny 13 Jona 2020 momba ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020.

Nitohy ny Alakamisy 2 Jolay 2020 tamin'ny 3 ora sy 35 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena izay notarihan-dRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'izany Andrimpanjakana izany.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fanamarinam-pahatongavana. Andriamatoa RABENIRINA Maminiana Solondraibe no nanatontosa izany.

Marihana fa toy ny mahazatra, samy nanonona ny anarany sy ny laharany ireo Solombavambahoaka izay tonga nivory.

Rehefa vita izany, notsiahivin-dRamatoa Filoha ny votoatin'ny fivoriana izay voalaza etsy ambony.

Niroso avy hatrany tamin'ny votoatin'ny lahadinika ny mpivory, ka niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera izy mba hitondra ny tatitry ny Asam-baomiera.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson no namaky ny tatitra ka toy izao izany:

Nivory sy nandinika fanindroany ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 momba ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020 ny Alakamisy 2 Jolay 2020 tamin'ny 10 ora sy fahefany, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy Fanaovana Teti-pivoarana ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory.

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
3. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana Pierrot
4. DONOVAN Sidonie Jimmy
5. HENRI Jean Michel
6. RAFIDIMANANA Narson
7. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
8. RASIDIMANANA
9. RASOLOFONJATOVO Honoré
10. RATSIMBAZAFY Alain Jean
11. RAKOTOARISOA Johnny
12. RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Ireto avy ireo Solombavambahoaka ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikampanjakana tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. JOHASY Eléonore
2. RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
3. RAVELOSON Guillaume N.

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory dia:

Andriamatoa RAKOTONDRAVOAVY Andriiniaina

Ireto avy ireo teknisianina nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|----------------------------------|---------------------|
| 1. ANDRIANOMANANA Razafindramavo | MEF/SG/DGFAG/DB/SSB |
| 2. FARANDRIAKA Claude | DGFAG/DB/SSB |
| 3. GERMAIN | DGI |
| 4. LAINKANA Zafivanona | DG/DOUANE |
| 5. RAHASIVOLOLOMBOHANGY Ny Ako | DGFAG/DB |
| 6. RAKOTOBÉ Harilalaina Tahina | DGT/DE/SSAE |
| 7. RAKOTONIAINA Rina | DGT/DE/SPSE |
| 8. RANAIVOZANANY Jerry | MEF/DGFAG/DB/SSB |
| 9. RANDIMBIARISOA Oliva | MEF/DGFAG |
| 10. RANDRIAMAROLAFY Odile | DGT/DE/SSAE |
| 11. RAOELINA Adrianina Soafara | DGFAG/DB/SSPI |
| 12. RAKOTOHARIVONY Mihanina | DIRCAB/MEF |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny Teknisianina ny fitenenana.

Nambaran'ny Teknisianina avy hatrany ny fanitsiana izay nentin'ny Antenimierandoholona mahakasika ny ampahany amin'ny andininy faha-6 momban'ny tetibolan'ny Antenimierandoholona. Nohazavainy fa nangataka fanampiana 7 milliara ariary ny Antenimierandoholona mihoatra noho ny sora-bolany voafaritra ao amin'ny LFR. Nomarihany fa io vola io dia tsy azo alaina ao amin'ny « rubrique solde du Ministère de l'Economie et des Finances » fa mitsinjara toy izao kosa no hakana azy :

- Marge-n'ny « indemnités » : 3 513 000 000 Ariary ;
- Marge-n'ny « biens et services » : 3 407 000 000 Ariary ;
- Marge-n'ny « PIP » :80 000 000 Ariary.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny Solombavambahoaka.

FANONTANIANA

1. Ahoana ny fijerin'ny avy ao amin'ny Minisitera ity fanovana ity ?
2. Ahoana ny "taux de régulation"?

VALINY

1. Araka ny lafiny teknika dia tsy manova ny « équilibre » eo amin'ny fitsinjarana ny vola miditra sy mivoaka io fanovana io.
2. Hatreto dia mbola tsy nivoaka ny famaritana ny « taux de régulation », fa rehefa lany ny LFR vao hivoaka ny « circulaire » momba izany.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandanianana ny fanovana avy amin'ny Antenimierandoholona ny mpivory.

Andininy faha-6: lany nasiam-panovana (jereo tovana)

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapa-kevitra dia niato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Araka izany dia nolanian'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tamin'ny endriny nasiam-panovana ny Volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana hoamin'ny taona 2020 ka ho entina eo anivon'ny Fivoriambe handraisana fanapaha-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny tamin'ny 10 ora sy 40 minitra maraina ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

TOVANA

VERSION SENAT	VERSION ASSEMBLEE NATIONALE
.... "la somme de sept milliards d'Ariary incorporée dans <u>la rubrique solde</u> du Ministère de l'Economie et des Finances est réinscrite dans le budget du Senat ». « la somme de sept milliards d'Ariary incorporée dans les rubriques indemnités biens et services et PIP du Ministère de l'Economie et des Finances est réinscrite dans le budget du Senat »

**L'Amendement au Projet de Loi de Finances Rectificative adopté par le Senat
en sa séance du 30 juin 2020**

Article 6 : Le tableau de répartition par Institution et Ministères est modifié et complété comme suit :

« la somme de sept milliards d'Ariary incorporée dans la rubrique solde du Ministère de l'Economie et des Finances est réinscrite dans le budget du Sénat. »

La répartition de ce crédit est présentée au tableau suivant :

RUBRIQUES	LFI 2020	PLFR 2020	En + par rapport PLFR 2020	PLFR 2020 AVEC 7 000 000 000
INDEMNITES	10 818 000 000	11 818 000 000	3 513 000 000	15 331 000 000
BIENS ET SERVICES	4 015 200 000	4 015 200 000	3 407 000 000	7 422 200 000
TRANSFERT	691 754 000	691 754 000	-	691 754 000
PIP	-	-	80 000 000	80 000 000
TOTAL	15 524 954 000	16 524 954 000	7 000 000 000	23 524 954 000

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanitsiana sy fanamarihana ny tatitra ny mpivory, ka rehefa nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta andaniny sy ny Solombavambahoaka ankilany dia samy tsy nisy nanan-kambara mikasika ny tatitra.

Rehefa izany, niroso tamin'ny famelabelarana ny antonantony momba ny volavolan-dalàna ny solotenan'ny Governemanta, ka avy hatrany dia nomena an'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana.

Nambarany fa mazava sy feno ny voalaza tamin'ny tatitra teo. Raha jerena ny fanitsiana izay nentin'ny Antenimierandoholona, hita fa nisy fahadisoana kely ny nandrafetana izany saingy araka ny lalàna dia ianareo ato amin'ny Antenimierampirenena ihany no tompon'ny teny farany. Noho izany, apetraka tanteraka eo am-pelan-tànanareo ny fandaniana azy fanindroany.

Nambarany fa ao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana izay misy eto amin'ny tany sy ny fanjakana izao dia tsara ny handanian'ny Solombavambahoaka azy ity mba ahafahana miroso amin'ny ady atao amin'izany valan'aretina izany.

Tamin'izany koa no nilazany, fa hatomboka amin'ny volana Aogositra 2020 izao ny "conférence budgétaire" ho famolavolana ny tetibolam-panjakana, taona 2021. Koa niangavy ny Solombavambahoaka izy mba samy havitrika amin'ny fandraisana anjara amin'izany fivoriana mikasika ny tetibola izany.

Niroso tamin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory taorian'izany, ka ireto avy ireo Solombavambahoaka nifandimby nandray fitenenana tamin'izany:

Andriamatoa HENRI Jean Michel

Mazava ny voalazanao teo ary tsy izahay indray no hosarotiny alohan'ny tompony. Noho izany, mitaona ireo Solombavambahoaka namana mba handany azy ity amin'ny endriny nasiam-panitsiana, hahafahana mandefa azy any amin'ny Antenimierandoholona androany ihany mba hialana amin'ny trangan-javatra tamin'ny herin-taona izay niaraha-nahita iny.

Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neyptraiiky André

Notsiahiviny, fa feno herin-taona androany ny naha Solombavambahoaka azy ireo. Koa izahay Vondrona Parlemantera GPR, hoy izy dia efa nanambara ny fahavononany handany 100% an'ity volavolan-dalàna ity.

Mikasika ny fanitsiana nentin'ny Antenimierandoholona nolazain'ny teknisiana teo, raha ohatra ka tsy ekeny ny "formulation" izay ataontsika, mialatsiny izahay. Heverinay fa vita ny adidinay, fa anjaran'ny Governemanta ny manazava izany any amin'ny Antenimierandoholona aorian'ny fandanianay azy eto.

Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph

Mikasika indrindra ny CLD, mba miangavy izahay ny hijerena manokana ny Solombavambahoaka indrindra ireo avy any amin'ny faritra momba ny "procedure" fa tena sahirana izahay.

Momba ity volavolan-dalàna ity, vonona izahay handany azy.

Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan

Naneho ny ahiahiny izy raha sanatria ka tsy lanian'ny Antenimierandoholona ity volavolan-dalàna ity aorian'ny nandaniana azy eto, araka ny voalazan'ny namana teo. Niangavy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bolam-panjakana ny tenany mba hampahafantatra mialoha ny Solombavambahoaka raha izay no mitranga, mba hahafahana mandamina fotoana.

Taorian'izay, nitondra fanampim-panazavana, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bolam-panjakana ary nilaza fa raha misy ny fitsipahana ataon'ny Antenimierandoholona dia tsy misy olana intsony izany satria heverina fa olon-kendry izy ireo.

Mikasika ny fangatahan'ny Solombavambahoaka avy any amin'ny Faritra, hojerena ny fifandraisana amin'ny fiaraha-miasa amin'ny Faritra sady hohamafisina izany raha azo atao.

Momba ny famolavolana ny tetibolam-panjakana, taona 2021, kosa hisy "calendrier" na tetiandro halefa iray volana mialoha mba hahafahana mandamina fomba fiasa vaovao.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaniafan'ny fanindroany ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Notsiahivin-dRamatoa Filoha, fa amin'ny fandinihana fanindroany toy izao dia ny Andininy faha-137 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina. Izany hoe, miompana indrindra amin'ireo andininy izay tsy nitovian-kevitra irery ihany no fandaniafan'ny hatao.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Andininy faha-6 nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 94 no nandany, tsy nisy ny nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny andininy faha-6 nasiam-panovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaniafan'ny fanindroany ny volavolan-dalana tamin'ny ankapobeny ny mpivory.

Mbola notsiahivin-dRamatoa Filoha, hatrany fa amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao, ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tanana, Solombavambahoaka miisa 94 no nandany ; tsy nisy ny nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 tamin'ny 13 Jona 2020 momba ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020.

Taorian'izay dia nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta.

Fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny nandaniana ny volavolan-dalana no teny fohy nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bolam-panjakana.

Toy izany koa, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, ny teknisianina ary ny Solombavambahoaka rehetra, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanehoana ny fiaraha-miasa, ka nahalany soa aman-tsara ity volavolan-dalana izay iankinan'ny aim-pirenena ity.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana dia notsiahivin-dRamatoa Filoha ny tohin'ny fandaharam-potoana aorian'izao fahalanian'ny volavolan-dalana izao, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalana laharana faha-001-2020/PL momba ny "Pôles Anti-Corruption", natolotr'Andriamatoa IDEALSON, Solombavambahoaka voafidy tao Ampanihy Andrefana.

Niato tamin'ny 4 ora sy 10 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory sy nanome lalana ny solotenan'ny Governemanta hanatanteraka adidy hafa, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

